# Ny Làlam-pamonjena

«Izay soratra rehetra nomen' ny tsindrimandrin' Andriamanitra dia mahasoa.»

sgm

**Scripture Gift Mission**
Eccleston Street, London, SW1W 9LZ.

*Printed in Great Britain*

Fa velona sy mahery ny tenin' Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela.

*Heb.* 4 : 12.

Ny Teniko . . . dia tsy hiverina amiko foana, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin' izay ampandehanako azy.

*Isaia* 55 : 11.

Mahazava ny famoahana ny hevitry ny teninao.

*Salamo* 119 : 130.

## Ny namoronana an' izao tontolo izao.

Tamin' ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany.

Gen. 1 : 1.

Izy no nahariana ny zavatra rehetra ; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza.

Jaona 1 : 3.

## Ny namoronana ny olombelona.

Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny ; tahaka ny endrik' Andriamanitra no namoronany azy ; lahy sy vavy no namoronany azy.

Gen. 1 : 27.

Ary vovo-tany no namoronan' i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony ; dia tonga olombelona izy. Ary Jehovah Andria-

manitra nanao saha tao Edena tany atsinanana, ka napetrany tao ralehilahy izay noforoniny.

Gen. 2 : 7, 8.

Ary Jehovah Andriamanitra nitondra an-dralehilahy ka nanao hoe : Ny hazo rehetra eo amin' ny saha dia azonao ihinanana ihany ; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana ; fa amin' ny andro izay hihinananao azy dia ho faty tokoa hianao.

Gen. 2 : 15-17.

## Ny niandohan' ny ota.

Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon' i Jehovah Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy : Hanky ! efa nataon' Andriamanitra hoe : Aza ihinananareo ny hazo rehetra eo amin' ny saha ? Fa hoy ravehivavy tamin' ny menarana : Ny voan' ny hazo eo amin' ny saha dia azonay ihinanana ihany ; fa ny voan' ny

hazo eo afovoan' ny saha kosa no efa nataon' Andriamanitra hoe: Aza ihinananareo na tendrenareo izany, fandrao maty hianareo. Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory hianareo: fa fantatr' Andriamanitra fa amin' izay andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an' Andriamanitra hianareo, hahalala ny tsara sy ny ratsy. Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny, ka dia nihinana izy.

Gen. 3 : 1-6.

Ary hoy Jehovah Andriamanitra tamin-dravehivavy: Inona izao nataonao izao? Dia hoy ravehivavy: Ny menarana no namitaka ahy, ka dia nihinana aho. Ary hoy Jehovah Andriamanitra tamin' ny menarana: Satria nanao izany hianao. koa

amin' ny biby fiompy rehetra sy ny bibi-dia rehetra dia hianao no voaozona: ny kibonao no handehananao, ary vovo-tany no hohaninao amin' ny andro rehetra hiainanao. Dia hampifandrafesiko hianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary hianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony. Ary hoy Izy tamin-dravehivavy: Hahabe dia hahabe ny fahorianao Aho, indrindra fa raha manan-anaka hianao: ary fahoriana no hiterahanao zanaka; ary ny vadinao no hianteheran' ny fanirianao, ka izy no hanapaka anao. Ary hoy koa Izy tamin' i Adama: Satria efa nihaino ny feon' ny vadinao hianao, ka nihinananao ny hazo izay nandrarako anao hoe: Aza ihinananao izany, dia voaozona ny tany noho izay nataonao; fahoriana no hihinananao ny vokany amin'ny andro rehetra hiainanao. Ary haniry tsilo sy hery ho anao izy; ary

hohaninao ny anana famboly. Ny fahatsembohan' ny tavanao no hahazoanao hanina mandra-piverinao any amin' ny tany; fa ny tany no nanalana anao; fa vovoka hianao, ary hiverina ho amin' ny vovoka indray hianao.

Gen. 3 : 13-19.

Ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao.

Apok. 12 : 9.

Koa izany dia tahaka ny nidiran' ny ota avy tamin' ny olona iray ho amin' izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran' ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra.

Rom. 5 : 12.

## Ny fahadisoan' ny olombelona eo anatrehan' Andriamanitra.

Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily

ho amin' ny lalantsika avy isika rehetra.

Isaia 53 : 6.

Eny an-danitra Jehovah miondrika mijery ny zanak' olombelona, mba hizaha na misy hendry mitady an' Andriamanitra. Samy efa nivily izy rehetra ka tonga vetaveta avokoa ; tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza.

Salamo 14 : 2, 3.

Araka ny voasoratra hoe : Tsy misy marina na dia iray akory aza . . .
Ary ny lalan' ny fiadanana dia tsy fantany.
Tsy misy fahatahorana an' Andriamanitra eo anoloan' ny masony. . . .
Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin' Andriamanitra.

Rom. 3 . 10, 17, 18, 23.

Fa ny Soratra Masina efa nanidy azy rehetra teo amin' ny fahotana.

Gal. 3 : 22.

## Ny fitiavan' Andriamanitra ny olombelona.

Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.

Jaona 3 : 16.

Izao no nanehoana ny fitiavan' Andriamanitra antsika : Andriamanitra naniraka ny Zanani-lahy Tokana tamin' izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin' ny alalany. Izao no fitiavana : tsy ny nitiavantsika an' Andriamanitra, fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra noho ny fahotantsika.

1 Jaona 4 : 9, 10.

**Ny nahatongavan' ny Zanak' Andriamanitra ao amin' izao tontolo izao.**

Mahatoky, ka tokony hekena amin' ny fankasitrahana rehetra izao teny izao : tonga tety ambonin' ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota.
1 Tim. 1 : 15.

Fa nofoanany ny tenany tamin' ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manampitoviana amin' ny olona ; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena. . . .
Filip. 2 : 7, 8.

Teo amin' izao tontolo izao Izy, ary Izy no nanaovana izao tontolo izao, nefa izao tontolo izao tsy nahalala Azy. Jaona 1 : 10

**Ny nahaterahany.**

Ary ny nahaterahan' i Jesosy Kristy dia toy izao . . . mba hahatanteraka izay nampilazain' ny Tompo ny

mpaminany hoe : « Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; ary ny anarany hataon' ny olona hoe «Imanoela », izany hoe, raha adika : « Amintsika Andriamanitra.»

Mat. 1 : 18, 22, 23.

Ary ny anarany hataonao hoe JESOSY ; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin' ny fahotany.

Mat. 1 : 21.

## Ny fiainany tety an-tany.

Izay nohosoran' Andriamanitra tamin' ny fanahy Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon' ny herin' ny devoly, satria Andriamanitra nomba Azy.

Asa 10 : 38.

Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra, nampianatra tao amin' ny synagoga sy nitory ny filazantsaran' ny

fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin' ny rofy rehetra.

Mat. 9 : 35.

Ary nisy vahoaka betsaka nankeo aminy nitondra ny mandringa, ny jamba, ny moana, ny kilemaina, ary ny maro hafa koa, ka nametraka azy teo akaikin' ny tongotr'y Jesosy ; dia nahasitrana azy Izy.

Mat. 15 : 30.

## Ny avotra fisoloana nataony.

Ny Zanak' olona tsy maintsy hatolotra eo an-tanan' ny mpanota ka hohomboana amin' ny hazofijaliana.

Lioka 24 : 7.

Ary rehefa tonga teo amin' ny tany atao hoe Ikarandoha izy, dia teo no namonoany an' i Jesosy. . . . Ary hoy Jesosy : Raiko ô mamela ny helony, fa tsy fantany izay ataony.

Lioka 23 : 33, 34.

Natao tsinontsinona sy nolavin ny olona Izy ; Lehilahy ory sady zatra ny fahoriana. . . . Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika ; kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian' Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika . . . ary ny diankapoka taminy no nahasitranana antsika. Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry. Samy efa nivily ho amin' ny lalantsika avy isika rehetra ; ary nataon' i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra. . . . Fa nofongorana niala tamin' ny tanin' ny velona Izy, ka ny fahadisoan' ny oloko no nikapohana Azy. Ary nokasaina hatao tao amin' ny olo-meloka ny fasany (Nefa teo amin' ny mpanan-karena Izy rehefa novonoina), na dia tsy nanao ratsy aza Izy, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany. . . . Naidiny ho amin' ny fahafatesana ny ainy,

ary natao ho isan' ny mpanota Izy; eny, Izy no nitondra ny fahotan' ny maro sady manao fifonana ho an' ny mpanota.

Isa. 53 : 3-6, 8, 9, 12.

Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina.

1 Kor. 15 : 3.

Dia hoy indray Jesosy taminy: . . . Izaho no Mpiandry Tsara; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry. . . . Manana ondry hafa izay tsy amin' ity vala ity Aho; ary ireny koa dia tsy maintsy ho entiko ka hihaino ny feoko; ary ho tonga andiany iray izy, sady iray ihany ny Mpiandry.

Jaona 10 : 7, 11, 16.

## Ny fitsanganany tamin' ny maty sy ny niakarany tany an-danitra.

Ary hoy Izy taminy: Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin ny maty amin'

ny andro fahatelo; ary mba hotorina amin' ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin' ny firenena rehetra.

Lioka 24 : 46, 47.

Nefa natsangan' Andriamanitra kosa Izy tamin' ny andro fahatelo ka nasehony marimarina, tsy tamin' ny olona rehetra, fa tamin' ny vavolombelona izay notendren' Andriamanitra rahateo.

Asa 10 : 40, 41.

Sady niseho koa tamin' ny famantarana maro taorian' ny nijaliany fa velona Izy, ka niseho taminy efapolo andro Izy ary nilaza ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra.
..... Dia nakarina Izy, raha mbola nijery izy ireo; ary nisy rahona nitondra Azy, ka tsy hitan' ny masony intsony Izy.

Asa 1 : 3, 9.

Ilay naseho teo amin' ny nofo, nohamarinina tao amin' ny Fanahy:

hitan' ny anjely, notorina tany amin' ny jentilisa, ninoana teny amin' izao tontolo izao, nakarina tamin' ny voninahitra.

1 Tim. 3 : 16.

Fa efa natsangana tamin' ny maty tokoa Kristy ho santatr' izay efa nodi-mandry. Ary satria ny olona iray no nisehoan' ny fahafatesana, dia ny Olona iray kosa no nisehoan' ny fitsanganan' ny maty. Fa tahaka ny ahafatesan' ny olona rehetra ao amin' i Adama no ahaveloman' ny olona rehetra kosa ao amin' i Kristy.

1 Kor. 15 : 20-22.

## Ny lalam-pamonjen' Andriamanitra

Inona no mety hataoko mba hovonjena aho ? . . . Minoa an' i Jesosy Tompo, dia hovonjena hianao.

Asa 16 : 30, 31.

Koa mibebaha hianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo.

Asa 3 : 19.

Mibebaha, ary aoka samy hatao ba tisa amin' ny anaran' i Jesosy Kristy hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo ; ary hianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina.

Asa 2 : 38.

Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra.

1 Jao. 1 : 9.

Raha manaiky an' i Jesosy ho Tompo amin' ny vavanao hianao, ary mino amin' ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin' ny maty, dia hovonjena hianao. Fa amin' ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin' ny vava no anekena hahazoana famonjena.

Rom. 10 : 9, 10.

Fa fahasoavana no namonjena anareo amin' ny finoana ; ary tsy avy

aminareo izany, fa fanomezana avy amin' Andriamanitra; tsy avy amin' ny asa, fandrao hisy hirehareha.

Efes. 2 : 8, 9.

Fa izay rehetra miantso ny anaran' ny Tompo no hovonjena.

Rom. 10: 13.

Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy.

Jaona 6 : 37.

Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.

Jaona 17 : 3.

## Ny fanavotana amin' ny ran' i Kristy.

Fa ankehitriny kosa, ao amin' i Kristy Jesosy, hianareo izay lavitra fahiny dia efa nampanakeken' ny ran' i Kristy. Efes. 2 : 13.

Ny ran' i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin' ny ota rehetra.

1 Jaona 1 : 7.

Fa sitraky ny Ray ho ao aminy no hitoeran' ny fahafenoana rehetra, sady Izy no hampihavanany ny zavatra rehetra aminy, ka dia ny rany teo amin' ny hazo fijaliana no nanaovany fampihavanana.

Kolos. 1 : 19, 20.

Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo . . . fa ny ra soan' i Kristy.

1 Petera 1 : 18, 19.

Izy no ananantsika fanavotana amin' ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren' ny fahasoavany.

Efes. 1 : 7.

Fa ny ra no manao fanavotana.

Levitikosy 7 : 11.

Koa raha misy olona ao amin' i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.

2 Korintiana 5 : 17.

## Ny Fanahy Masina.

Ary Izaho hangataka amin' ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin' ny fahamarinana, Izay tsy azon' izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo. Jaona 14 : 16, 17.

Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin' ny Ray amin' ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra.

Jaona 14 : 26.

Aza mampalahelo ny Fanahy Masin' Andriamanitra, Izay nanisiana to-

mbo-kase anareo ho amin' ny andro fanavotana. Efesiana 4 : 30.

Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan' ny nofo hianareo. Galatiana 5 : 16.

Fa izay tarihin' ny Fanahin' Andriamanitra no zanak' Andriamanitra. Romana 8 : 14.

Aoka hofenoina ny Fanahy hianareo. Efesiana 5 : 18.

Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovantsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po ; tsy misy lalàna manohitra izany.
Galatiana 5 : 22, 23.

## Ny fahamasinana.

Fa izao no sitrapon' Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo.
1 Tesaloniana 4 : 3.

Manamasìna azy amin' ny fahamarinana ; ny teninao no fahamarinana
Jaona 17 : 17.

Fa iray no nihavian' izy roroa, na Izay manamasina, na izay hamasinina ; koa izany no tsy mahamenatra Azy hanao ireo hoe « rahalahy ».
Hebreo 2 : 11.

Ary aoka ho tahaka izany koa hianareo, ka ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin' ny ota, fa velona ho an' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy.
Romana 6 : 11.

Fa ankehitriny, rehefa natao afaka tamin' ny ota hianareo ka efa tonga mpanompon' Andriamanitra, dia manana ny vokatrareo ho amin' ny fahamasinana, ary ny farany dia fiainana mandrakizay.
Romana 6 : 22.

Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho

tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin' ny fihavian' i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany.

1 Tesaloniana 5 : 23, 24.

## Ny fivavahana.

Ary na inona na inona no hangatahinareo amin' ny anarako dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin' ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin' ny anarako hianareo, dia hataoko izany.

Jaona 14 : 13, 14.

Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.

Jaona 15 : 7.

Mangataha, dia hahazo hianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo.

**Jaona 16 : 24.**

Na inona na inona tononinareo amin' ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany.

Marka 11 : 24.

Ary mivavaha mandrakariva ao amin' ny Fanahy amin' ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin' izany amin' ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an' ny olona masina rehetra.

Efesiana 6 : 18.

Mivavaha, ka aza mitsahatra.

1 Tesaloniana : 5. 17.

**Ny fanarahana an' i Jesosy sy ny fahoriana iaretana.**

Dia hoy Jesosy tamin' ny mpianany : Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handa ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy.

Matio 16 : 24.

Ary Andriamanitra mahay mampitombo ny fahasoavana rehetra aminareo, mba hananareo ny onony rehetra mandrakariva amin' ny zavatra rehetra, ka hitombo amin' ny asa tsara rehetra.

2 Korintiana 9 : 8.

Miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin' ny asan' ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin' ny Tompo.

1 Korintiana 15 : 58.

Fa hianareo efa nomena noho ny an' i Kristy, tsy ny hino Azy ihany, fa ny hiharam-pahoriana koa noho ny aminy.

Filipiana 1 : 29.

Fa raha tahiny mitondra fahoriana noho ny fahamarinana hianareo, dia sambatra ; ary aza matahotra . . . ary aza mangorohoro hianareo.

1 Petera 3 : 14.

Sambatra hianareo, raha haratsina noho ny anaran' i Kristy, fa ny Fanahin' ny voninahitra, dia ny Fanahin' Andriamanitra, mipetraka ao aminareo. 1 Petera 4 : 14.

**Ny fandraran' Andriamanitra ny fanompoan-tsampy.**

Izaho no Jehovah Andriamanitrao . . . Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany. Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra izay eny amin' ny lanitra ambony, na izay ety amin' ny tany ambany, na izay any amin' ny rano ambanin' ny tany. Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy; fa Izaho, Jehovah Andriamanitrao, dia Andriamanitra saro-piaro.

Eksodosy 20 : 2-5.

Fa ny andriamanitry ny firenena dia tsinontsinona; fa Jehovah no nanao ny lanitra.

Salamo 96 : 5.

Fantatsika fa tsinontsinona akory ny sampy amin' izao tontolo izao, ary tsy misy Andriamanitra afa-tsy iray ihany.

1 Korintiana 8 : 4.

Andriamanitra dia iray ihany, dia ny Ray, Izay nihavian' ny zavatra rehetra, ary ho Azy isika ; ary iray ihany ny Tompo, dia Jesosy Kristy, Izay nahariana ny zavatra rehetra sady nahariana antsika koa.

1 Korintiana 8 : 6.

Fa hoy Jesosy taminy : Mandehana hianao, ry Satana, fa voasoratra hoe : « Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao.»

Matio 4 : 10.

Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay ety an-tany, dia fijangajangana, fahalotoana, firehetam-po, faniriandratsy ary fieremana dia fanompoan-tsampy izany ; fa izany

zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran' Andriamanitra amin' ny zanaky ny tsi-fanarahana.

Kolosiana 3 : 5, 6.

**Ny loza noho ny fanaovana tsirambina ny famonjen' Andriamanitra.**

Hataontsika ahoana no fandositra, raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe izao isika ?

Hebreo 2 : 3.

Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay ; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran' Andriamanitra no mitoetra eo aminy.

Jaona 3 : 36.

Iza no nanoro hevitra anareo handositra ny fahatezerana ho avy ?

Lioka 3 : 7.

Izay maharesy no handova izany zavatra izany; ary ho Andriamaniny Aho, ary izy ho zanako. Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin' ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa.

Apokalypsy 21 : 7, 8.

**Ny fanafahana amin' ny ratsy sy ny devoly.**

Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an' i Satana faingana eo ambanin' ny tongotrareo.

Romana 16 : 20

Ka misaotra ny Ray, Izay . . . nahafaka antsika tamin' ny fahefan'

ny maizina ka namindra antsika ho amin' ny fanjakan' ny Zanany malalany. Kolosiana 1 : 12, 13.

Izao no nisehoan' ny Zanak' Andriamanitra, dia ny handrava ny asan' ny Devoly.

1 Jaona 3 : 8.

Jesosy Kristy Tompontsika . . . nanolotra ny tenany noho ny fahotantsika, hanafahany antsika amin' izao miara-belona ratsy fanahy izao, araka ny sitrapon' Andriamanitra Raintsika ; ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay.

Galatiana 1 : 3-5.

Tafio avokoa ny fiadian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin' ny fanangolen' ny devoly.

Efesiana 6 : 11.

Fa isaorana anie Andriamanitra,

Izay manome antsika ny fandresena amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika !

1 Korintiana 15 : 57.

## Ny hihavian' i Jesosy Kristy Tompo indray.

Ho avy indray Aho ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.

Jaona 14 : 3.

Iny Jesosy Izay nampakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra.

Asa 1 : 11.

Fa ny tenan' ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin' ny fiantsoana sy ny feon' ny arikanjely ary ny trompetran' Andriamanitra, ka

izay maty ao amin' i Kristy no hitsangana aloha ; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin' ny rahona hitsena ny Tompo any amin' ny habakabaka ; dia ho any amin' ny Tompo mandrakariva isika.

1 Tesaloniana 4 : 16, 17.

Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa.

1 Jaona 3 : 2.

Koa amin' izany miambena hianareo ; fa tsy fantatrareo izay andro hihavian' ny Tomponareo. . . . Koa miomàna kosa hianareo ; fa amin' zay ora tsy ampoizinareo no hihavian' ny Zanak' olona.

Matio 24 : 42, 44.

Indro, avy faingana Aho ! ary eto

amiko ny famaliako mba hamaliako ny olona rehetra araka ny asany.

Apokalypsy 22 : 12.

Amena. Avia, Jesosy Tompo!

Apokalypsy 22 : 20.

**Teny ho an' ny Mpamaky**

Ireo teny voalaza ireo dia andininy vitzy avy amin' ny Soratra Masina, dia ny Tenin' Andriamanitra, izay ahitana andininy maro tahaka azy.

Raha misy te-hividy Baiboly dia misy amidy ao amin' ny Misionera.